# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Marsa 2020

# 22 Alahady marsa

***(Hoy Jesosy :)*** **Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo ; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo.** Jaona 14. 27

**Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.** Filipiana 4. 7

## Tsara ny zavatra rehetra

*Na mizotra am-piadanana toy ny ony ny diako,*
*Na mivalombalona sy mitosaka amiko ny alondrano,*
*Na inona na inona alefan'ny tananao,*
*dia nampianarinao aho hiteny hoe :*
*Tsara ny zavatra rehetra, ry Jesosy,*
*tsara ny zavatra rehetra ho an'ny fanahiko.*

*Na manafika ahy tsy an-kiato aza i Satana,*
*ary miavosa ny fahoriana,*
*Dia hatoky tanteraka mandrakariva aho*
*Fa nahita ny fahoriam-be mihatra amiko Jesosy Kristy,*
*Ary nalatsaka ny rany ho fanavotana ny fanahiko.*

*Ny ota — eny, io vesatra manery ny foko io !*
*Ny otako manontolo — ary eritreritra mahatretrika ny hoe —*
*Nohomboana teo amin'ny hazofijaliana, ka tsy eo intsony ny entako.*
*Koa misaora an'Andriamanitra,*
*amin'ny andro rehetra iainanao, ry fanahiko !*

*Kristy no antony ahavelomako : aoka ho izany no filamatro.*
*Ary raha mitady hanafotra ahy ny ranobe,*
*Dia tsy hatahotra akory aho,*
*satria na eo amin'ny fiainana na ao amin'ny fahafatesana*
*Dia bitsibitsihinao amin'ny fanahiko,*
*ao amin'ny miafina, ny fiadananao.*

*Ny andrasako, ry Tompo, dia Ianao, ny fiverenanao !*
*Satria ny lanitra no tanjoko, fa tsy ny fasana.*
*Ny trompetran'ny anjely, ny feon'ny Mpamonjiko,*
*No fanantenana mahafaly sy fiadanan'ny fanahiko.*

*Mba hafaingano anie, ry Tompo, io andro io :*
*ny finoana miova ho fahitana ;*
*Lasa ny rahona, toy ny zavona tanihin'ny hainandro ;*
*Maneno ny trompetra, ary midina ny Tompo !*
*Tsara ny zavatra rehetra, miaraka aminy ! Mifalia, ry fanahiko !*

*Tononkalo anglisy natao dikanteny malalaka — Horatio Spafford*